# Avia Re Hanaraka Ahy

Notsorina

*Amim-panetren-tena* ♩ = 69–76




2. "Avia re hanarak'Ahy,"
Tsotra izany, kanef'ahitana
fahamarinana lehibe,
'zay manazava saina re.

3. Ampy ve raha eto an-tany ihany,
isika no manarak' hatrany?
Tsia, tsy ampy re izany,
fa mitohy any ankoatra any.

4. Raha Izy no arahantsika,
mandritra ny dia eto an-tany,
dia ho mpandova tokoa isika,
rehefa any an-danitr'any.

5. Tohizo re ny lalana,
na lavitra sy mamizana.
Na tojo olana lehibe,
araho hatrany Izy re.

6. Hery sy voninahitra be,
no efa miandry anao sy ahy,
raha toa voahaja 'lay teny hoe:
"Avia re hanarak'Ahy."

*Tonony amin'ny teny Anglisy:* John Nicholson, 1839–1909
*Feon-kira:* Samuel McBurney, 1847–1909
Ity hira ity dia azo adika raha ilaina any am-piangonana na any an-tokantrano, tsy azo itadiavam-bola.

Matio 4:19
2 Nefia 31:10–21